12 jiona 2010.
30 Sivan 5770.

Ny fahotàna mahafaty.

« Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisy tombokase anareo ho amin'ny andro fanavotana. » (Efesiana 4:30)

Ny asan'ny Fanahy Masina dia mitarika antsika hibebaka @ fahotantsika sy hampiroborobo

ao amin-tsika ny toetra aman-panahin'i Jésosy ka hampahery antsika ao @ finoana.Ankoatr'izany dia manampy antsika eo @ fideràna Izy sy mitondra eo @ Ray ny fivavahantsika ary koa mampatsiaro ireo teny fikasàn'Andriamanitra. Fa satria ny famonjena antsika dia tsy tontosa raha tsy @ alalan'ny asan'ny Fanahy ka raha manao izay mampalahelo ny Fanahy isika mandrapaha tsy ahafahany mibitsika intsony ao anatintsika dia tonga eo @ ilay hoe fahotàna tsy hahazoana famelan-keloka isika. ***«Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Hahazo famelan-keloka ny olona @ ota sy fitenenan-dratsy samy hafa rehetra; fa ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina kosa dia tsy hahazoana famelankeloka.»*** (Matio 12:31)

Rehefa saika ny olona rehetra ao @ firenena na vondrona iray no nanota tamin'ny Fanahy Masina dia lazaina fa ny rehetra no tratran'io fahotàna io. Saingy misy mandrakariva olona vitsivitsy mijanona ho mahatoky @ Andriamanitra. Na izany na tsy izany dia mamonjy na manameloka ny isambatan'olona Izy. Jereo ohatra fa izao tontolo izao talohan'ny safodrano dia nampalahelo lalina ny Fanahy Masina kanefa nisy olona niisa valo izay voavonjy. Nolazain'i Jésosy tamin'ireo mpitarika ny Israely fa hotsoahina amin'izy ireo ny andraikitra hanambara ny fanjakan'Andriamanitra ary havela eo amin'izy ireo ny tranony. Na izany aza dia nànana jiosy aman'aliny hovonjena Andriamanitra ary mandrak'ankehitriny izany. Nandritra ny Tolombahoaka Frantsay dia marobe ireo olona nandà ny Fanahy raha namela ivoho ny Baiboly sy Andriamanitra. Nihanalavitra azy ireo ny Fanahin'Andriamanitra ary dia nanjakàn'ny habibiana mampalahelo fa nalaza hatraiza hatraiza no vokatr'izany.

Mandritra ny fotoana farany @ tantaran'ny tany dia hiseho indray ary mbola hihamafy indrindra aza ny toe-javatra toy io. Rehefa ho tonga @ farantampony ny fifanandrinana hifanaovan'i Kristy sy Satàna dia hisafidy hanaraka izàtsy na izaroa ny mponina eto an-tany. Hirotsaka « ho eo @ nofo rehetra » ny Fanahy Masina ho fanomezana manokana farany ny fahasoavan'ny lanitra, kanjo marobe ny mponin'ny tany izay nanamafy ny fony tamin'ny faharatsiana sy tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana no tsy hahatsapa izany akory. Tahaka ireo Fariseo tamin'ny andron'i Kristy dia lazainy fa avy @ Satàna ny asan'ny Fanahy koa dia vita tombokase ny momba azy ireo. Fa satria saika eran-tany mihitsy ny fandàvana ny Fanahy, ny teny faminaniana dia milaza fa miataka tsikelikely eto an-tany ny Fanahy.

Raha ny marina dia efa nanomboka io fiatàhana io. Andraikitsika no mahazo antoka tahaka an'i Noé sy ny fianakaviany ary tahaka ireo virijiny miisa dimy hendry tao @ fanoharana fa voakolokolo ny fifandraisantsika @ Fanahy Masin'Andriamanitra, ilay hany hery tokana afaka manolotra antsika ny fahasoavana @ io andro.